# NY TOVONA

## TANJONA

- Manavaka ny tovona amin'ny tsirin-teny hafa
- Mamantatra ireo tovona misy amin'ny teny malagasy ary mahay mampiasa izany
- Mamantatra ny fiforonan'ny teny amin'ny alalan'ny fanovanana sy ny fiovan'ny endriky ny fototeny

## LESONA HOTADIDIANA

### NY TOVONA

**1. Famaritana:**

Ny atao hoe tsirin-teny dia ireo teny kely manampy ny fototeny ka mipetraka eo alohan'ny fototeny, na ao aoriany , na eo aloha sy aoriany, na ao aorian'ny renifeo voalohany ao aminy.

Ny tovona dia ireo tsirin-teny izay mipetraka eo alohan'ny fototeny.

**2. Ny Karazana tovona**

Misy karazany roa ny tovona: ny tovona mivaky sy tovona tsy mivaky.

| Karazana | Tovona mivaky | Tovona tsy mivaky |
|---|---|---|
| Famaritana | azo soloina renifeo hafa ny renifeo voalohany ao aminy.<br>→ vakiny miova = ilay tapany voalohany<br>→ vakiny tsy miova = tapany faharoa | tsy azo sarahina na tsy azo ovaovana ny renifeo voalohany ao aminy |
| Ireo tovona mahazatra | m-Φ mody<br>m-a- matory<br>m-i- mijery<br>m-aha- mahatsara<br>m-ana- manasoa<br>m-an- mandona | Voa- voasazy<br>Tafa- tafatsiry<br>a- atao |

**Fanamarihana:**

Ny tovona f- dia tovona famoronana anarana

Oh: fianamboly ; fianarana

### 3. Ny fiovana rehefa mampiasa tovona

- Raha mitovy ny zanapeo fiafaran'ny tovona sy ny zanapeo fiatombohan'ny fototeny dia aravona ny zanapeo mitovy

  Oh: tovona mivaky m-aha- + ftt: azo
  mahazo (Mahazo sakafo izy.)

- Raha miafara amin'ny 'n' ny tovona (m-an- / m-ian-), ka miatomboka amin'ny renifeo 'f', 'v', 'p', 'b', ny fototeny dia:

  →miova ho 'm' ny 'n' fiafaran'ny tovona

  →alatsaka ny renifeo voalohany ao amin'ny fototeny, na manaraka ny lalàm-piovan-drenifeo

  Oh: tovona mivaky m-an- + ftt voa
  mamoa (Mamoa ny voaloboka.)
  tovona mivaky m-an- + ftt fetra

Mametra (Mametra ny ankizy tsy hilalao any an-tokotany ny ray aman-dreny.)

- Raha miafara amin'ny 'n' ny tovona nefa miatomboka amin'ny renifeo hafa ilay fototeny dia alatsaka ny renifeo voalohany ao amin'ny fototeny na manaraka ny lalàm-piovan-drenifeo.

**Sahanasa 1**

Indro misy teny vitsivitsy : mamboly – tafavoaka – miresaka – mahatanty – manatsara – mandevina – mandreraka – voatsindry – mahay – aroso

1. Rasao ireo teny ireo ka omeo ny fototeniny sy ny tovona hita ao anatiny.

**Sahanasa 2**

Amorony teny amin'ny alalan'ny fampiasana tovona ireto fototeny ireto.

Avy eo, ampiasao ao anaty fehezanteny ilay teny.

| | |
|---|---|
| Refy | Tratra |
| Hety | Tefy |
| Valy | Satroka |
| Antso | Tapaka |
| Jono | Taratra |
| Velona | |